# TOROLALANA MAHOMBY, HO AN'NY FAMBOLENA MAHARITRA

## NY TSIPIKA MIRA - AHABO (courbe de niveau)

Fanavaozana janoary 2022

GSDM
*Professionnels de l'Agroécologie*

coopération allemande
DEUTSCHE ZUSAMMENARBEIT

Soutenu par giz Deutsche Gesellschaft für Internationale Zusammenarbeit (GIZ) GmbH

## FAMARITANA

Tsipika mahitsy na miendrika faribolana, apetraka mifanohitra amin'ny fandrin'ny tany mba hiarovana amin'ny fikaohan'ny riaka ny tany.

## TOMBONTSOA

- Miaro amin'ny fikaohan'ny riaka ny nofon-tany ;
- Mampitombo ny fitsiahan'ny rano any anaty tany ;
- Mampitombo ny velaran-tany azo volena ;
- Mampitombo ny vokatra.

## FITAOVANA AMPIASAINA

Maro ny fitaovana andrefesana ny tsipika mira-ahabo (cadre A, niveau à bulle, niveau collier) fa ny cadre A no tsotra indrindra.

### NY CADRE A

Fitaovana entina hanajariana toerana iray mba hahatomombana tsara ny fandrefesana ny tsipika mira-ahabo. Mora amboarina sy mora ampiasaina ny cadre A ary hita eny an-toerana ny akora rehetra ilaina.


### NY AKORA ILAINA SY FANAMBOARANA AZY

- Hazo fisaka miisa 3 : ny 2 mirefy 2m / ny 1 mirefy 1m
- Fil sy plomb , bilao miisa 3, ary tsatoka maromaro



## FANDREFESANA NY TSIPIKA MIRA-AHABO

1. Asiana tatatra fitsiahan'ny rano eny amin'ny farany ambony ;
2. Atomboka eo amin'ny firaikan'ny tany ambany indrindra (1-1.5 m miala amin'ny haavo ambany indrindra) ;
3. Manatrika ny firaikan'ny tany, apetraka mitsangana ny cadre A, marihina amin'ny tsatoka ny toerana hitsanganan'ny tongotra ilan'ny cadre A ;
4. Ahodina ny cadre A mandrapahazo 90° eo amin'ny marika (fil plomb mahitsy tsara eo afovoan' ny tsivalan-kazo 1m), apetraka ny tsatoka faharoa, dia toy izay hatrany hatrany. Averimberina ary asiana tsatoka hatrany mandrampahavitany ;
5. Miakatra eo amin'ny 1 m ka hatramin'ny 1m50 raha handray ny tsipika faha 2 ;
6. Tohizana foana mandram-pahatonga eny amin'ny tampon'ny havoana ;
7. Azo ahitsy ny endriky ny tsipika raha toa ka mivilambilana loatra.




## TOROMARIKA LEHIBE

- Raha voly taona no atao : raha latsaky ny 5% ny fandrin'ny tany dia volena tsotra manaraka ny tsipika mira-ahabo ny voly, raha mihoatra ny 5% , atao ny fanajariana "Kipaha" (culture en escalier) ;
- Raha voly maharitra (kafe, jirofo, voasary, ...) dia tokony hanaraka tsara ny faritra nofaritan'ny tsipika mira ahabo ny lavaka fa hajaina kosa ny elanelany. Ohatra : kafe (3m*3m), voasary (4m*5m);
- Raha latsaky ny 12% ny fandrin'ny tany, azo atao ny voly rehetra;
- Raha mihoatra ny 12% ny fandrin'ny tany, ny hazo maniry mandavataona ihany no azo atao raha tsy nisy fanajariana manokana (culture pérènne) ;

**Rakofana mandavataona ny tany (mucuna, niébé...) ;

**Volena fefy velona manaraka ny tsipika mira-ahabo (cajanus, téphrosia, brachiaria, penissetum...) hiarovana sy hanatsarana ny nofon-tany.